
# ALAHADY 3 KAREMY - TAONA D2022



« Indro efa telo taona izay no tonga nitady voa amin'ity aviavy ity aho »

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo, Alahady faharoa amin'ny karemy dia ny fiovan'ny Tompo tarehy no nobanjinintsika. Manoro antsika sahady izay miandry antsika vokatry ny Paka izay fandalovana miala amin'ny fiainana tsizarizary, miala amin'ny fahafatesana vokatry ny fahotana izay manapotika ny fiainana. Milaza miara-mahita isika fa betsaka ny korontana eo amintsika ankehitriny. Manantena àry isika fa izao fiomantsika amin'ny Paka, izao fiatrehantsika ny Sinaody izao hitondra antsika amin'ny fitsanganan-ko velona miaraka amin'I Jesoa. Miaraka mitsangana Aminy isika ka miditra amin'ny fiainam-baovao, izany no dikan'ny fiovan-tarehy nobanjinintsika tamin'ny alahady lasa teo. Sady fankaherezana ho an'ireo mpianatra hanatrika ny fijalian'I Jesoa no fankaherezana antsika ihany koa ankehitriny. Ataoko fa anisan'ny antony tsy–nitondran'I Jesoa ireo mpianatra 12 fa I Piera, Jakoba, Joany ihany no nentiny ho solontenantsika jiaby. Azo lazaina fa io fiovan-tarehy io no fanambarana ny fiainana miandry raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana isika ka miara-mitsangana Aminy amin'ny fiainam-baovao. Io no niezahantsika niainana nandritra ny herinandro faharoan'ny karemy iny amin'izao andro fibebahana izao.

**Vakiteny I : Eks. 3, 1-8a. 13-15**
**Tononkira :** Salamo 102
**Vakiteny II :** 1 Kôr. 10, 1-6. 10-12
**Evanjely :** Lk. 13, 1-9

Amin'izao Alahady fahatelon'ny karemy izao kosa dia ambaran'ireo vakiteny fa tsy ho tanteraka na oviana no oviana izany fiovam-penitra antenaintsika sy andrandraintsika ka hahatonga antsika ho EOV (Eglizy Olona Velona) manorina ETA (Eglizy Tranon'Andriamanitra), ho taranaka mpanorina izany, HO EGLIZY OLO VELONA, MIOMBONA, MIARA-DIA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA TABERNAKLA VELONA araka ny teny faneva manentana antsika amin'izao Sinaody faha-7 izao raha tsy mibebaka isika. Tsy ho tanteraka ilay Paka andrandraintsika amin'izao taona 2022 izao raha tsy mibebaka isika, miala amin'ny fahotana manapotika ny fiainana hoy ny Papa. Ho Paka hitondra fihavaozana tokoa ho antsika amin'ny fiainana andavanandro, amin'ny fiainam-pianakaviana, amin'ny fiainan'ny Eglizy fiombonana, amin'ny Eglizy fototra, Eglizy iraka, izao Paka vaovao izao ka entintsika hanorenana tontolom-piainana vaovao hahatonga antsika hanana fivelarana amin'ny tontolo iainantsika sy amin'ny tontolom-pinoana ka "tsy ho ketraka amin'ny fanaovan-tsoa manorina ilay TRANOBE IOMBONANA ka OLO ARAIKY, HO FRATELLI TUTTI…

Miantso antsika hibebaka ary hiova tokoa ny Eglizy amin'izao Alahady fahatelo izao ka maniraka antsika tahaka ny nanirahany an'I Moizy, maniraka ny Eglizy, maniraka ny mpaminany, maniraka antsika tsirairay hanambara ny fibebahana amin'ireo manodidina antsika. Tahaka an'i Moizy izay antsoin'Andriamanitra sy nirahiny hanambara ny fibebahana tamin'ny vahoakany sy ny ejipsianina. Izany no miandry antsika amin'izao fotoana izao.  Fantatsika fa tena tontolo tsy mora ny tontolon'ny Ejipsianina izay nanandevo ny vahoakan'Andriamanitra. Jereo sy diniho ny tontolo manodidina antsika fa maro ny zavatra mangeja, manandevo antsika. Misy rafi-pahotana mamatotra antsika. Ireo no tsy maintsy dinihintsika amin'izao Sinaody izao. Dinihintsika izay nataon'I Moizy mba hianarantsika koa…

"*Esory ny kapa amin'ny tongotrao fa tany masina eto"* ny tiana ambara amin'izany dia isika hiova, hiala amin'ny fiainantsika tsizarizary manapotika ny tontolo iainantsika amin'ny alalan'ny fandoroana ny ala, amin'ny motro sy tevy ala. Tsy maintsy esorintsika tahaka ny "kapantsika"  ihany koa ny fiainantsika ny lainga, ny fitapitaka, ny risoriso sy ny herisetra. Ireny dia famonoana ny tontolom-piainantsika ka havaozintsika satria tany masina ny fiainantsika satria ain'Andriamanitra ka tsy azo vonoina na oviana na oviana. Tsy maintsy esorintsika koa ireo vato misakana tsy ahafahantsika mifandray amintsika samy antsika sy amin'Andriamanitra dia ny avonavona, ny fitiavan-tena, ny fialonana. Izao no fotoana tsara hibebahantsika, ny tarehy ratsy tsy azo ovana fa ny fanahy ratsy azo ialana araky ny fiteny. Amin'izao androntsika izao anefa na dia ny tarehy ratsy aza azo amboarina ka aoka isika hiova ho tsara fa sanatria hiharatsy. Aoka àry ho tahaka ny hafatr'Andriamanitra tamin'i Moizy, hoesorintsika ny ratsy ka hanaraka Azy isika.

Ny zava-misy mitranga amin'ny fiainantsika no mahatonga antsika hanontany tena hoe raha famindram-po tokoa Andriamanitra, naninona no nisy izao andro ratsy izao ? Maninona no misy ny loza isan-karazany ? Maninona misy ireny zava-mitranga mihoatra lavitra an'izany famindram-pon'Andriamanitra izany ? Ny tenin'i Jesoa ao amin'ny evanjely no mananatra antsika fa ireny zavatra mitranga ireny dia ho entin'Andriamanitra hanampy antsika. Maro no azo anazavana ireny fa amin'izao Alahady fahatelon'ny karemy izao, ny hafatra nolazain'I Jesoa ao amin'ny evanjely dia ny mba hanampy antsika hibebaka. "Raha tsy mibebaka ianareo dia ho very tahaka azy koa ianareo rehetra."

Ry Kristianina havana, hararaoty izao fotoana izao mba hibebahantsika, ialao ny toetra ratsy teo aloha ka manatona ny famindrampon'Andriamanitra hibebaka ary tsy vitany hibebaka fa hanavao tokoa ny fiainantsika. Izany no dikan'ny pelerinajy ataontsika any amin'ny La montagne ireny mba hibanjinantsika ny làlan'ny hazo fijaliana, ny ezaka ataontsika miakatra dia mba hiakatra tokoa ny fiainantsika fa tsy hirefarefa amin'ny tany. Izany no ezaka ataontsika amin'izao Sinaody izao hitraotro isika hiara-vavaka handalina ny finoana, hijery sy hikatsaka ireo "rafi-pahotana" manapotika ny fiaintsika.

Manampy antsika amin'izany izay voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa. Manamafy Md Paoly fa tsy maintsy handray lesona amin'ny zavatra teo aloha isika mba hanova ny fiainantsika ho fiainana misy an'Andriamanitra. Tsy inona io "zavatra teo aloha" io fa izay rafitra mitondra antsika amin'ny fahalovana. Mila mibebaka isika, izany hoe miova ny fiainana ka mampipetraka an'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika. Amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy no hanatanterahantsika ny fiainantsika.

Aoka àry hangatahintsika ny fahasoavan'Andriamanitra mba hibebaka isika ka hanova sy hampijoro antsika tokoa, tsy hianjera na dia maro aza ny fakam-panahy mila handrendrika antsika. Aoka àry hihaino ny fampianaran'ny Eglizy isika tahaka ny nihainoan'ny vahoaka ny fampianaran'I Moizy ary haka lesoka amin'ireo zava-niseho amin'ny fiainantsika isika mba ho fiainana misy an'Andriamanitra ny fiainantsika araky ny hafatry Md Paoly hoe *" nosoratana ny fiainan'ny vahoaka niaraka tamin'I Moizy tany an'efitra ho fampianarana sy fianarana ho antsika*."

Ry Jesoa Tompo ô, miroso hatrany ny dia mankany amin'ny Paka, izay fandalovana, miala amin'ny fiainana ratsy teo aloha, miala amin'ny fahotana ka ny fahafatesana no faran-tampony amin'izany. Nandresy ny ratsy rehetra Ianao ka raha miara-maty Aminao amin'ny fahotana izahay dia hiara-hitsangana aminao amin'ny fiainam-baovao amin'ny Paka. Enga anie hibebaka tokoa izahay, havaozy ny fonay mba ho vaovao ka hahay handray Anao, tsy ho ketraka amin'ny fanaovan-tsoa. Ataovy mafana fo izahay amin'ny ezaka rehetra ataonay ka hiseho amin'ny fiainanay tokoa izany fibebahana izany.

Ry Jesoa Tompo ô, ataovy matoky mandrakariva ny famindram-ponao izahay ka rehefa miaiky heloka, mifona amin'ny fahalemenay sy ny fahadisoanay dia mba hanana fo vaovao hanampy anay hizotra amin'ny Paka izay andrandrainay hitondra fiainam-baovao ho anay ka hahatonga anay ho EOV sy ETA, ho taranaka mpanorina, mpanorina tontolo iainana, tontolom-piainana izay hanampy anay hiombona ho fianakaviana olo araiky ao Aminao. Hanorina tontolom-pinoana hampiombona anay bebe kokoa Aminao hahatonga anay ho vavolombelona sy ho fanasina ary ho fahazavana eo anivon'izao tontolo izao. Matoky ny angovo avy aminao izahay amin'izao Sinaody izao ka hahita ireo rafitra mitondra amin'ny fahalovana ka ho sahy hibebaka, ho EGLIZY OLO VELONA VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Masina Maria mitodika aminao izahay, aza avela ho irery amin'ny ezaka ataonay fa tohano am-bavaka mandrakariva. Torak'izany koa ianao Md Josefa, mivavahà ho an'ny fianakaviana tsiraikiraiky mba ho Eglizy kely tokoa. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson